

Your Repentance Doesn't Burden Jesus Christ; It Brightens His Joy

By Sister Tamara W. Runia

First Counselor in the Young Women General Presidency

Tsy enta-mavesatra ho an'i Jesoa Kristy ny fibebahanao; mampitombo ny hafaliany izany

Nataon-drahavavy Tamara W. Runia

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany

April 2025 general conference

The invitation to repent is an expression of God's love. Saying yes to that invitation is an expression of ours.

Several years ago on a trip to Florida, I sat outside reading a book. Its title suggested that we can still make it to heaven, even though we're not perfect now. A woman walking by asked, "Do you think it's possible?"

I looked up, confused, and then realized she was talking about the book I was reading. I said something ridiculous like, "Well, I'm not that far into it, but I'll let you know how it ends."

Oh, how I wish I could travel back in time! I'd tell her, "Yes, it's possible! Because heaven isn't for people who've been perfect; it's for people who've been forgiven, who choose Christ again and again."

Today I want to speak to those of us who sometimes feel, "Repentance and forgiveness seem to be working for everyone but me." Those who privately wonder, "Since I keep making the same mistakes, maybe this is the way I am." Those who, like me, have days when the covenant path feels so steep, it's almost a covenant hike!

A wonderful missionary in Australia, Elder QaQafrom Fiji, shared a similar feeling in his departing testimony: "I know that God loves me,

Fomba iray anehoan' Andriamanitra ny fitiavany ho antsika ny fanasana hibe-baka. Fanehoantsika ny fitiavantsika ny manaiky izany fanasana izany.

Taona maro lasa izay nandritra ny dia iray nankany Floride, dia nipetraka teny ivelany namaky boky aho. Mampahafantatra ny lohatenin'izany boky izany fa mbola afaka ny ho tonga any an-danitra ihany isika na dia tsy tonga lafatra aza isika amin'izao fotoana izao. Nanontany ny vehivavy iray nandalo hoe, "Afaka ny ho tanteraka ve izany araka ny eritreritrao?"

Nitraka aho, sahiran-tsaina, ary avy eo tonga saina fa momba ilay boky novakiako no noresahiny. Zavatra mampihomemy toy izao no nolazaiko "Tsy mbola nahavaky firy aho fa holazaiko anao eo ihany ny fiafarany."

Raha mba azoko natao mantsy ny niverina tamin'io fotoana io? Dia holazaiko azy hoe: "Eny, afaka ny ho tanteraka izany! Ny lanitra dia tsy natao ho an'ny olona efa tanteraka fa natao ho an'ny olona efa voavela heloka izay nisafidy an'i Kristy ombieny ombieny."

Anio aho dia te hiresaka amin'ny sasany amintsika izay mahatsapa indraindray fa "ny fibebahana sy ny famelan-keloka dia toa mandaitra ho an'ny olon-drehetra afa-tsy amiko." Ireo izay manontany tena mangingina hoe, "satria aho mamerina manao ireo hadisoana efa nataoko foana dia angamba mety efa toy izany mihitsy aho." Ireo izay, tahaka ahy, miaina andro izay ahatsapana ny lalan'ny fanekempihavanana ho toa avo dia avo, moa tsy toy ireny fiakaram-ben'ny fanekempihavanana ireny!

I Elder QaQaizay misiônera mahatalanjona iray nanompo tany Australie, ary avy any Fidji, dia nizara fahatsapana mitovitovy amin'izany

but sometimes I wonder, ‘Does God know that I love Him?’ Because I’m not perfect, and I still make mistakes.”

In that one tender, haunting question, Elder QaQa summed up exactly what I’ve often worried about. Maybe you’re wondering too, thinking, “I’m trying so hard, but does God know I’m really trying? When I keep falling short, does God know I still love Him?”

It saddens me to admit this, but I used to measure my relationship with the Savior by how perfectly I was living. I thought an obedient life meant I would never need to repent. And when I made mistakes, which was every single day, I distanced myself from God, thinking, “He must be so disappointed in me.”

That’s just not true.

I’ve learned that if you wait until you’re clean enough or perfect enough to go to the Savior, you’ve missed the whole point!

What if we thought about commandments and obedience in a different way?

I testify that while God cares about our mistakes, He cares more about what happens after we make a mistake. Are we going to turn to Him again and again? Are we going to stay in this covenant relationship?

Maybe you hear the Lord’s words “If [you] love me, keep my commandments” and feel deflated because you haven’t kept all the commandments. Let me remind you that it is also a commandment to repent! In fact, it might be the most repeated commandment in the scriptures.

In Alma’s soliloquy, “O that I were an angel, and could have the wish of [my] heart ... and cry repentance,” he wasn’t trying to shame us by pointing out our mistakes. He wanted to cry repentance so that you and I could avoid suffering in the world. One reason Alma hated sin is because it causes us pain.

Sometimes I have to remember, like a Post-it note on my forehead, that the commandments

nandritra ny fijoroana ho vavolombelona fa-naovam-beloma nataony: “Fantatro fa tia ahy Andriamanitra saingy manontany tena aho indraindray hoe, -moa ve fantatr’ Andriamanitra fa tiako Izy? - Satria aho tsy lavorary ary mbola manao fahadisoana.”

Nofintinin’i Elder QaQa tamin’io fanontaniana tsotra sady mahasadaikatra io ny zavatra mampanahy ahy matetika. Angamba manontany tena koa ianareo hoe, “Miezaka mafy aho saingy moa ve fantatr’ Andriamanitra fa tena miezaka aho?” Rehefa tsy lavorary lava aho, moa ve fantatr’ Andriamanitra fa mbola tia Azy aho?”

Mampalahelo ahy ny miaiky fa taloha aho dia nandrefy ny fifandraisako amin’ny Mpamonjy tamin’ny alalan’ny fahalavorarian’ny fomba fiainako. Noheveriko fa ny fiainana mifono fankatoavana dia midika hoe tsy mila mibebaka intsony aho. Ary rehefa nanao hadisoana aho, izay nisy isan’andro, dia nanalavitra ny tenako tamin’ Andriamanitra aho ka nihevitra hoe, “Tena diso fanantenana amiko mihitsy Izy izao.”

Tsy marina tsotra izao izany.

Nianatra aho fa diso hevitra ianao raha andrasanao ho madio na lavorary tsara vao hankany amin’ny Mpamonjy!

Ahoana raha sainintsika amin’ny fomba hafa ny didy sy ny fankatoavana?

Ijoroako ho vavolombelona fa na dia miraharaha ny hadisoantsika aza Andriamanitra dia raharahiany kokoa ny zava-mitranga aorian’ny fanaovantsika hadisoana. Moa ve isika hiverina hitodika any Aminy hatrany hatrany? Moa ve isika hitoetra ao amin’ity fifandraisana mifono fanekempihavanana ity?

Mety mandre ny tenin’ny Tompo hoe “Raha tia ahy [ianao], dia hitandrina ny didiko” ianao dia kivy satria tsy voatandrinao ny didy rehetra. Te hampahatsiahy anao aho fa didy koa ny mibebaka! Raha ny marina dia mety io no didy averimberina indrindra ao amin’ny soratra masina.

Tamin’i Almà niteny irery hoe: “Ô, inay anie aho anjely, ary nety nanana ny fanirian’ny foko ... miantsoantso fibebahana” dia tsy nanao izay hanalana baraka antsika tamin’ny fanondroana ny hadisoantsika izy. Te hiantsoantso fibebahana izy mba ahafahantsika sy ianao manalavitra ny fahoriana eto amin’izao tontolo izao. Ny antony iray nankahalan’i Almà ny fahotana dia noho izany mampijaly antsika.

Indraindray aho dia tsy maintsy mahatsiaro toy ireny taratasy kely fitadidiana miraikitra eo

are the path away from pain. And repentance is too. Our prophet said, "The Savior loves us always but especially when we repent."

So when the Lord says, "Repent ye, repent ye," what if you imagined Him saying, "I love you. I love you." Picture Him pleading with you to leave behind the behavior causing you pain, inviting you to step out of darkness and turn to His light.

In my daughter Carly's ward, a new priest knelt to bless the sacrament, and instead of saying, "That they may do it in remembrance of the blood of thy Son," he inadvertently said, "That they may do it in remembrance of the love of thy Son." Tears filled Carly's eyes as the truth of those words sank in.

Our Savior was willing to suffer the pain of His Atonement because He loves you. In fact, you are "the joy that was set before him" while He suffered.

The invitation to repent is an expression of God's love.

Saying yes to that invitation is an expression of ours.

Picture your favorite image of Christ. Now imagine Him smiling brightly with joy each time you use His gift, because He is the "perfect brightness of hope."

Yes, your repentance doesn't burden Jesus Christ; it brightens His joy!

Let's teach that!

Because repentance is our best news!

We don't stay on the covenant path by never making a mistake. We stay on the path by repenting every day.

And when we're repenting, God forgives without shaming us, comparing us to anyone else, or scolding us because this is the same thing we were repenting of last week.

He's excited every time He sees us on our knees. He delights to forgive us because to Him

amin'ny handriko ireny, fa ireo didy dia mana-faka antsika amin'ny fijaliana. Torak'izany koa ny fibebahana. Nilaza ny mpaminanintsika hoe: "Tia antsika foana ny Mpamonjy faindrindrarehefa mibebaka isika."

Koa rehefa miteny ny Tompo hoe: "Mibebaha ianareo, mibebaha ianareo" dia ahoana raha alaina sary an-tsaina Izy miteny hoe: "Tiako ianao. Tiako ianao." Alaivo sary an-tsaina Izy mian-gavy anao hiala amin'ny fitondrantena maha-tonga anao hijaly, manasa anao hiala ao amin'ny haizina ka hitodika any amin'ny fahazavany.

Tao amin'ny paroasin'i Carly zanako vavy dia nisy mpisorona vaovao nandohalika nanamasina ny fanasan'ny Tompo, ka tokony hiteny izy hoe, "Mba hahazoany manao izany ho fahatsiarovana ny ran'ny Zanakao" dia tafateny tsy nahy izy hoe, "Mba hahazoany manao izany ho fahatsiarovana ny fitiavan'ny Zanakao." Nirotsaka ny ranomason'i Carly noho ny fiantefan'ny fahamarinan'ireo teny ireo.

Nanolo-tena hizaka ny fijaliana ateraky ny Sorompanavotany ny Mpamonjintsika satria tia-ny ianao. Raha ny marina dia ianao ilay "fijaliana napetraka teo anoloany" nandritra ny nijaliany.

Fomba iray anehoan' Andriamanitra ny fitiavany ho antsika ny fanasana hibe-baka.

Fanehoantsika ny fitiavantsika ny manaiky izany fanasana izany.

Alaivo sary an-tsaina ny sarin'i Kristy tianao indrindra. Izao kosa dia alaivo sary an-tsaina Izy feno tsikim-pifaliana isaky ny mampiasa ny fanomezany isika satria Izy no ilay "fanantenana mampiratra."

Eny, tsyenta-mavesatraho an'i Jesoa Kristy ny fibebahanao; mampitombo ny hafaliany izany!

'Ndeha izany no hampianarintsika!

Satria ny fibebahana no vaovao tsara indrindra azontsika zaraina!

Tsy ilaozan'ny fanaovantsika hadisoana ny fijanonantsika eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana. Mijanona eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana isika amin'ny alalan'ny fibebahana isan'andro.

Ary rehefa mibebaka isika, Andriamanitra dia mamela antsika sy tsy hanao izay hanalana baraka antsika, tsy hampitaha antsika amin'ny olon-kafa, na hibe-dy antsika satria hoe izany zavatra izany ihany no nibebahantsika tamin'ny herinandro lasa.

Mampientanentana Azy ny mahita antsika mandohalika mivavaka. Fahafinaretana ho Azy ny

we are delightful!

Don't you just feel that's true?

Then why is it so hard for us to believe?!

Satan, the great accuser and deceiver, uses shame to keep us from God. Shame is a darkness so heavy it feels that if you took it out of your body, it would have an actual weight or heft to it.

Shame is the voice that beats you up, saying, "What were you thinking?" "Do you ever get anything right?"

Shame doesn't tell us we made a mistake; it tells us we are our mistakes. You may even hear, "Hide." The adversary does everything in his power to keep the heaviness inside, telling us the cost is too high, that it will be easier if this stays in darkness, removing all hope.

Satan is the thief of hope.

And you need to hear this, so I'll say these words out loud: You are not the voice in your head or the mistakes you have made. You may need to say that out loud too. Tell Satan, "Not today." Put him behind you.

Feel that pull, the godly sorrow that turns you toward your Savior, and watch His grace enter into your life and the lives of those you love. I promise that the minute we bring a broken heart courageously toward Him, He is immediately there.

If you saw someone drowning, wouldn't you reach your hand out and rescue them? Can you imagine your Savior rejecting your outstretched hand? I imagine Him diving into the water, descending below all things to lift us up so we can take a fresh breath! No one can sink lower than the light of Christ shines.

The Savior is forever brighter than the darkness of shame. He would never attack your worth. So watch closely.

Imagine that this hand represents worth.

mamela antsika satria mahafinaritra Azy isika!

Tsy tsapanao ve fa marina izany?

Nahoana ary no tena sarotra ho antsika ny mino izany?!

I Satana, ilay rain'ny mpiampangasady mpamitaka dia mampiasa ny henatra mba hanalavirana antsika amin' Andriamanitra. Ny henatra dia toy ny haizinenamavesatra ka raha esorintsika hiala amin'ny tenantsika izany dia tena hahatsapa ny havesaran'izany marina tokoa isika.

Ny henatra dia ilay feo mandevilevy anao hoe: "Fa ianao ve misaina e?" "Mba misy zavatra mety ataonao ihany ve?"

Ny henatra dia tsy miteny antsika ny hadisoananataontsikafa milaza amintsika kosa fa ny hadisoantsika nomamaritraantsika. Mety handre mihitsy aza ianao hoe, "Miafena." Ataon'ilay fahavalo izay tratry ny heriny mba hijanonan'io vesatra io ao anaty ka milaza amintsika izy fa lafo loatra ilay sarany ka ho mora kokoa raha mijanona ao anatin'ny haizina izany, manala ny fanantenana rehetra.

Mpandroba fanantenana i Satana.

Ary mila mandre ity ianao, ka holazaiko amin'ny feo mafy ireto teny ireto: Tsy ny feo ao an-dohanao na ireo hadisoana nataonao no mamaritra anao. Mety mila milaza izany amin'ny feo mafy koa ianao. Teneno i Satana hoe, "Tsy anio aloha." Ataovy any ivohonao izy.

Ataovy tsapa ilay zava-misintona, ilay alahelo araka an' Andriamanitra izay mampitodika anao amin'ny Mpamonjinao, ka jereo ny fidiran'ny fahasoavany eo amin'ny fiainanao sy ny an'ireo olona ankamamiana. Mampanantena aho fa vantany vao entintsika eo Aminy amim-paharisihana ny fo torotoro dia eo avy hatrany Izy.

Raha mahita olona milentika ianao, moa ve tsy hanolo-tanana ianao ka hamonjy azy? Azonao an-tsaina ve ny Mpamonjinao mandà tsy handray ny tananao mitolotra? Azoko sary an-tsaina Izy mitsoraka anaty rano, midina ambanin'ny zava-drehetramampiakatra antsika mba hahafahantsika mifoka rivotra mamelombelon'aina! Tsy misy olona milentika lalina loatra ka tsy ho tratran'ny hazavan'i Kristy.

Mamirapiratra mandrakizay mihoatra noho ny haizin'ny henatra ny Mpamonjy. Tsy hanao velively izay hahatsapanao ho tsisy lanjany Izy. Noho izany dia diniho akaiky ity.

Alaivo sary an-tsaina hoe ity tanana ity dia

This hand represents obedience. Maybe you woke up this morning, said a meaningful prayer, and searched the scriptures to hear God's voice. You've made good decisions and are treating the people around you with Christlikeness. You're listening to general conference! Your obedience is here!

Or maybe things haven't gone so well. You've struggled lately to do those small, simple things to connect to heaven. You've made some decisions you aren't proud of.

Where is your worth? Has this hand moved at all?

Your worth isn't tied to obedience. Your worth is constant; it never changes. It was given to you by God, and there's nothing you or anyone else can do to change it. Obedience brings blessings; that is true. But worth isn't one of them. Your worth is always "great in the sight of God,"—no matter where your decisions have taken you.

While I make mistakes, I want to stay in covenant relationship with Christ, and I'll tell you why.

I grew up taking diving lessons and learned that when judges score a dive, they watch the execution. Was the entry perfectly vertical, with toes pointed and a small splash? Then they do something extraordinary. They factor in the degree of difficulty.

Everyone is diving with their own degree of difficulty. And your Savior is the only one who truly knows the difficulty you are diving with. I want a relationship with the one person who gets me, who knows my heart and how hard I'm trying!

He knows the mists of darkness are descending on all of us travelers and that our journey passes by the river of filth—so even when we're holding to the iron rod, we're going to get splashed.

Coming unto Christ is saying, "Will you help

me? I have sinned."

Ito tanana ito dia maneho ny fankakatoavana. Tamin'ny ianao nifoha androany maraina dia mety ho nanonona vavaka mafonja ianao sy nandalina soratra masina mba hahenoana ny feon' Andriamanitra. Nandray fanapahan-kevitra tsara ianao ary mandray ny olona manodidina anao amin'ny fomban'i Kristy. Mihaino ny fihamonamben'ny Fiangonana maneran-tany ianao izao. Eto ny fankatoavana!

Na mety hoe tsy dia tsara ny fizotry ny zava-drehetra. Tato ho ato dia sahirana ianao nanao ireo zavatra bitika sy tsotra mba hifandraisana amin'ny lanitra. Nandray fanapahan-kevitra vitsivitsy izay mahamenatra anao ianao.

Aiza ny hasarobidinao? Moa ve nihetsika kely ity tanana ity?

Tsy mifamatotra amin'ny fankatoavana ny hasarobidinao. Marin-toerana ny hasarobidinao; tsy miova na oviana na oviana izany. Efa nomen' Andriamanitra anao izany ary tsy misy na inona na inona azonao na azon'ny hafa atao hanovana izany. Mitondra fitahiana ny fankatoavana. Marina izany. Saingy tsy anisan'izany ny hasarobidy. Ny hasarobidinao dia "lehibe [...] eo imason' Andriamanitra" na inona na inona vokatry ny fanapahan-kevitra noraisinao.

Na dia manao hadisoana aza aho dia tehi-janona amin'ny fifandraisana mifono fanekem-pihavanana amin'i Kristy ary holazaiko anareo ny antony.

Fony aho mbola kely dia nianatra momba ny fitsorahana anaty rano aho ary nianatra fa rehefa manome naoty ireo mpitsara dia jereny ny fomba fanatanterahana izany. Nijidina tsara ve ny fidirana tanaty rano ka nahitsy tsara ny rantsan-tongotra ary kely ve ny fipitiky ny rano? Avy eo dia zava-mahagaga no ataon'izy ireo. Arakaraka ny hasarotana no anomezan'izy ireo naoty.

Samy hafa ny hasarotry ny fitsorahan'ny olona tsirairay avyao anaty rano. Ary ilay Mpamon-jinao irery ihany no mahafantatra tsara ny halehiben'ny fahasarotana diavinao. Te hifandray amin'ilay hany olona izay mahatakatra ny mahazo ahy sy mahafantatra ny ao am-poko sy ny ao an-tsaiko ary ny ezaka lehibe ataoko aho!

Fantany fa manarona antsika rehetra mpiray dia ny zavon'ny haizina, ary mandalo an'ilay loharano maloto ny diantsika ka na dia mamikitra amin'ilay anja-by aza isika dia ho voapitiky ny rano.

Ny manatona an'i Kristy dia ny miteny hoe

me?” with hope, a revealed assurance that His arms are extended to you always. I believe this fresh view of repentance means that even though we don’t have perfect obedience yet, we try affectionate obedience now, choosing to stay, again and again, because we love Him.

Remember King Benjamin’s people, who had no more disposition to do evil but only to do good continually? Do you think they packed up their tents, went home, and never made another mistake? Of course not! The difference is they no longer wanted to sin. They had affectionate obedience! Their hearts were turned and tuned to God while they struggled!

Once, at the beach, I saw a bird flying into the wind, flapping its wings so hard, almost frenetically, but staying in the same place. Then I noticed another bird, higher up. It had caught an updraft and was floating easily, unburdened in the wind. That’s the difference between trying to do this by ourselves and turning to our Savior, letting Him lift us, with “healing in his wings.”

As mission leaders in Australia, during our last visit with each missionary, we talked about 3 Nephi 17, where the people were close to the Savior and could hear Him praying for them. We asked, “If you could hear the Savior praying for you, what do you think He would say?”

To hear their answers was one of the most Spirit-filled experiences of my life. Every one of those missionaries would pause, and tears would fill their eyes as we reminded them, “Your Savior knows the degree of difficulty you’re experiencing. He’s felt it!”

This is what those missionaries quietly and tenderly shared: One sister said, “Jesus would tell the Father, ‘She’s doing her very best. I know how hard she is trying.’” An elder said, “With everything that’s happened in his life, I’m so proud of him.”

“Hanampy ahy ve ianao?” amim-panantenana izay fanomezan-toky nambara fa ny tanany dia mitolotra aminao mandrakariva. Mino aho fa ity fomba fijery vaovao momba ny fibebahana ity dia midika fa na dia tsy lavorary aza ny fanka-toavantsika ankehitriny, dia miezaka mankatò amim-pitiavana isika ankehitriny, misafidy ny hijanona, ombieny ombieny, satria tiantsika Izy.

Tsaroanareo ve ny vahoakan’ny Mpanjaka Benjamina izay tsy nanana fironana ny hanao ratsy intsony fa ny hanao soa lalandava kosa? Miveitra ve ianareo fa naorin’izy ireo ny lainy, dia nandeha nody izy ireo ka tsy nanao hadisoana hafa intsony? Mazava ho azy fa tsia! Ny fahasamihafana dia hoe tsynanam-panirianany hanota intsony izy ireo. Nankatò tamim-pitiavana izy ireo! Nifantoka sy niantehitra tamin’ Andriamanitra ny fon’izy ireo nandritrany tolona natrehan’izy ireo!

Indray mandeha teo amoron-dranomasina, dia nahita vorona iray nanidina tao anaty rivotra aho, nikopaka elatra mafy, saika ho tamin-ta-hotra be, saingy tsy tafahetsika teo amin’ny nisy azy izy. Avy eo dia nahita vorona iray hafa aho teny ambony teny. Nanidina ambony sy nitsingevaheva tamim-pilaminana tao anaty rivotra izy. Izany no fahasamihafana eo amin’ny fiezahana ny hanao zavatra samirery sy ny fitodihana any amin’ny Mpamonjy, mamela Azy hampitraka antsika miaraka amin’ny “fanositranana ao amin’ny [elany].”

Fony izahay mpitarika misiôna tany Australia, nandritra ny tafa sy dinika farany nataonay tamin’ny misiônera tsirairay avy, dia niresaka momba ny 3 Nefia 17 izahay izay ahitana ny vahoaka ho akaiky ny Mpamonjy ary afaka nandre Azy nivavaka ho azy ireo. Nanontany izahay hoe, “Raha afaka mandre ny Mpamonjy mivavaka ho anao ianao dia inona no heverinao fa holazainy?”

Iray amin’ireo zavatra niainako nahatsapako indrindra ny Fanahy teo amin’ny fiainako ny nandre ny valin-tenin’izy ireo. Samy niato avokoa ireo misiônera ary nanganohano izy ireo rehefa nampahatsiahivina azy ireo hoe, “Mahafantatra ny halehiben’ny fahasarotan’ny zavatra iainanao ny Mpamonjinao. Efa tsapany izany!”

Izao no nozarain’ireo misiônera tamim-pahanginana sy tamim-pihetseham-po: Hoy ny misiônera vavy iray, “Holazain’i Jesoa ny Ray fa -manao izay tsara indrindra vitany izy. Fantatro fa tena miezaka mafy izy.” Nilaza ny misiônera lahy iray hoe, “Na dia teo aza ny zava-drehetra

Let's try this. Tonight, before you pray, imagine Jesus Christ close by. He is your Advocate with the Father. Ask yourself, "What would my Savior say to the Father about me?"

And then become silent.

Listen for that voice that says good things about you—the voice of the Savior, your finest friend, and your Father in Heaven, who is really there. Remember, Their love and your worth are always great, no matter what!

I stand here to witness that Jesus Christ gives light to those who sit in darkness. So, on those days when you feel that voice telling you to hide, that you should hide in a dark room all by yourself, I invite you to be brave and believe Christ! Walk over and turn on the Light—our Perfect Brightness of Hope.

Bathed in His light, you'll see people all around you who have felt alone too, but now, with the light on, you and they will wonder, "Why were we so afraid in the dark? And why did we stay there so long?"

"May the Lord of Lights wrap you in His arms and console and love you continually." May we love Him continually and choose Him, again and again. In the name of Jesus Christ, amen.

nitranga teo amin'ny fiainany dia reharehako tokoa izy."

'Ndeha handramantsika izany. Anio alina, mialoha ny hivavahanao, dia alaivo sary antsaina ho eo akaikinao i Jesoa Kristy. Izy no Mpisolovava anao eo amin'ny Ray. Manontania tena hoe, "Inona no holazain'ny Mpamonjy ny Ray momba ahy?"

Ary avy eo dia manehoa fahanginana.

Henoy ilay feo izay milaza zavatratsaramomba anao; ilay feon'ny Mpamonjy, ilay namanao tsara indrindra sy ny Rainao any Andanitra izay tena eo. Tsarovy fa ny fitiavan' Izy Ireosy ny hasarobidinao dia lehibe mandrakariva, na inona na inona mitranga!

Ijoroako ho vavolombelona eto fa i Jesoa Kristy dia manome hazavana an'ireo izay mitoetra ao amin'ny haizina. Koa amin'ireo andro izay handrenesanao an'ilay feo izay milaza aminao mba hiafina, fa ianao diatokony hiafina samirery ao anatin'ny efitrano maizina iray, dia manasa anao aho ho be herim-po ka hino an'i Kristy! Mialà ao ary mankanesa any amin'ilay Fahazavana, dia ilay Fanantenantsika Mamirapiratra sy Lavorary.

Rehefa rakotry ny hazavany ianao dia hahita ireo olona manodidina anao izay nahatsapa ho irery koa, saingy ankehitriny kosa, noho ianareo manana hazavana dia tsy hanontany tena intsony ianaosy izy ireo hoe, "Nahoana isika no natahotra mafy tao amin'ny haizina? Ary nahoana isika no nijanona ela tao?"

"Ny Tompon'ny Fahazavana anie hamihina anareo amin'ny sandriny sy hampionona ary hitia anareo tsy tapaka." Enga anie isika ho tia Azy sy hisafidy Azy ombieny ombieny. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.